"Ny fahazavan'ny marina dia tsara firehitra" Ohab.13:9a

TAON-JOBILY FANKALAZANA AN'ANDRIAMANITRA 150 TAONA (1861-2011)

Ry Amparibe Famonjena,

Migadona ny taona vaovao 2011. Manomboka ny taom-pankalazana an'Andriamanitra noho ny faha-150 taonan'ny fiangonana. Misomebiseby ny mpianakavin'ny finoana fa tonga ilay nandrasana. Hifampiharahaba isika ary hifaniry soa eo ambanin'ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Taon-jobily firavoravoana no hatrehantsika, nefa koa fotoana handihan-tena ho amin'ny asa entina miatrika ny 150taona manaraka. 50 Taona in-telo, na jobily volamena in-telo no hatrehantsika. Raha amin'ny fifaninana ara-panatanjahantena dia lasa antsika tanteraka ny amboara satria in-telo be izao isika no nahazo ny jobily volamena. Eny Ry Amparibe Famonjena, lasantsika tokoa ny amboaran'ny fahasovana satria dia fahasoavana tsy tambo tononina izao taon-jobily izao. Koa mifalia, miravoa, fa tena eo amintsika tokoa ny Tompo. Ho fanohizana ny fotoam-panokafana omaly asabotsy 01 janoary 2011, sy anio alahady fandraisana 02 janoary 2011, dia toy izao indray ny tohin'ny fandaharam-potoanantsika amin'ity volana janoary ity.
Raiso ny diarinao ary aza adino ny :
SABOTSY 29 JANOARY 2011 AMIN'NY 3 ORA HARIVA PALAIS DES SPORTS MAHAMASINA FIAHARAHA-MANKALAZA AN'ANDRIAMANITRA MIARAKA AMIN'ANTANANARIVO RENIVOHITRA SY NY MANODIDINA ARY FANOLORANA FANATITRA SANTATRA.

Manentana antsika tsirairay avy hitrotro am-bavaka ny fotoana, ary hanasa ireo havana aman-tsakaiza hizara izany hafaliana sy fahasoavana izany.ho fampiraisana antsika ho iray ihany ao amin'ny Tompo.
Raiso eny amin'ny Komity sy ao amin'ny Sekretera mpandraharan'ny fiangonana ny fanasana ho amin'izany ho fandraisanao andraikitra amin'ny fijoroana vavolombelona eo anivon'ny fiaraha-monina. Raha miisa 500 isika no hanasa olona 10 avy dia ho feno 5.000 isika no hiara-hidera an'Andriamanitra.
Hisy ny valopy miaraka amin'izany fanasana izany hanaovan'ny rehetra ny **FANATITRA SANTATRA**, ary ahafahan'ny rehetra mandray anjara raha sanatria misy ny tsy fahatongavana.
"*Mifampivavaha, ary mitafy ny finoana fa ny Tompo homba anao ry ilay nohasoavina*"
Dia ho tsara firehitra tokoa anie ny fahazavan'ny kristiana rehetra eto Amparibe Famonjena
.

ANDRIANILAINA Andrianasolo
Filohan'ny Komity faha-150 Taona.

"Ny fahazavan'ny marina dia tsara firehitra" Ohab.13:9a

Ireo datin'andro entina mankalaza an'Andriamanitra noho ny faha 150 taona ny FJKM Amparibe Famonjena, taona 2011

❑ 01 janoary	: Fanokafana ny taon-jobily
❑ 02 janoary	: Fiarahabana zokiolona
❑ 09 janoary	: Alahadin'ny mpanao raharaha
❑ 22 janoary	: Fambolen-kazon'ny Fiangonana
❑ 23 janoary	: Alahadin'ny firaisan'ny sampana
❑ 29 janoary	: Fanompoam-pivavahana lehibe ao amin'ny Palais des Sports
❑ 06 febroary	: Raki-pisaorana : teraka volana Janoary
❑ 20 febroary	: 3ora hariva Fifampiarahabana zanak'ampielezana
❑ 06 martsa	: Raki-pisaorana : teraka volana Febroary
❑ 26 martsa	: Fivoahana an-tsaha
❑ 03 aprily	: Raki-pisaorana : teraka volana Martsa
❑ 17-23 aprily	: Herinandro masina
❑ 24 aprily	: Voka-dehibe Paska
❑ 01 mey	: Raki-pisaorana: teraka volana Aprily
❑ 02 jona	: Andro Fiakarana : 5ora hariva Fanompoam-pivavahana
❑ 05 jona	: Raki-pisaorana : teraka volana Mey
❑ 05-11 jona	: Herinandron'ny Fanahy Masina
❑ 12 jona	: Pentekosta : Batisa iombonana
❑ 03 jolay	: Raki-pisaorana : teraka volana Jona
❑ 10 jolay	: Taranaky ny Fiangonana manolotra fanomezana - Agape
❑ 18-23 jolay	: Herinandron'ny Taranaka - fihofanan'ny mpivady sy ireo hiroso amin'ny tokan-trano
❑ 24 jolay	: Alahadin'ny taranaka, Mariazy miara-mizotra - fandraisan-tanana mpivady maharitra
❑ 28-31 jolay	: Tafika Masina Mahabatry
❑ 07 aogositra	: Raki-pisaorana : teraka volana Jolay
❑ 11-14 aogositra	: Tafika Masina Ambodivona
❑ 04 septambra	: Raki-pisaorana : teraka volana Aogositra
❑ 16 septambra	: Ivon'ny fankalazana : Fanompoam-pivavahana hariva
❑ 17 septambra	: Ivon'ny fankalazana : Fandraisana Synodam-paritany
❑ 18 septambra	: Ivon'ny fankalazana : Fiangonana
❑ 02 oktobra	: Alahadin'ny Mpitandrana, Raki-pisaorana : teraka volana Septambra
❑ 07-09 oktobra	: Fivoriamben'ny Synodamparitany
❑ 30 oktobra	: Fandraisan-tanana mpandray naharitra
❑ 06 novambra	: Fandraisana Katekomena, Raki-pisaorana : teraka volana Oktobra
❑ 04 desambra	: Raki-pisaorana : teraka volana Novambra
❑ 04 desambra	: Taranaky ny Mpitandrina nifandimby
❑ 18-24 desambra	: Advento
❑ 25 desambra	: Krismasy, Alahady famaranana taon-jobily
❑ 01 janoary 2012	: Raki-pisaorana : teraka volana Desambra